GSDM

VOLY RAKOTRA

## Faritra mando eto Madagasikara

# Fambolena kazaha miaraka na mifandimby amin'ny Brachiaria na Stylosanthes







- Hampitombo ny vokatra kazaha sy ahazoana rakotra afaka manatsara sy miaro ny nofon-tany
- Hanajariana ireo tany tapoka tsy voavoly na nilaozana
- Hialana amin'ny fanaovana tavy

Min Agri

afd AGENCE FRANÇAISE DE DÉVELOPPEMENT

# Ny antony hambolena kazaha miaraka na mifandimby amin'ny Brachiaria na Stylosanthes

### Fomba mahazatra




### Olana




### Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo

- **Manatsara ny vokatra**
- **Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny tany**
- **Manatsara ny nofontany**
- Mihena ny fotoana hametrahana ny tany hiala sasatra
- Mamboly maharitra amin'ny toerana iray
- Mamokatra vilona homena ny omby, mamoaka vony azon'ny tantely hakana maminy ny stylosanthes
- Mamokatra zamaniry maitso hanaovana komposta
- Manomana ny tany hanaovana fifandimbiasam-boly



## Fambolena ny kazaha sy Brachiaria na Stylosanthes

1. Volena taona iray ny kazaha sy brachiaria na stylosanthes
2. Volena ao anaty rakotra brachiaria na stylosanthes ny kazaha

## Toerana fampiharana

Tany tapoka na tany efa nisy voly fihinana

Mitombo haingana kokoa ny brachiaria noho ny stylosanthes amin'ny tany ratsy sy tany fasihana amoron-driaka

# 1 Volena taona iray ny kazaha sy Brachiaria na Stylosanthes

**Tanjona :** Famokarana brachiaria na stylosanthes hidirana voly rakotra, no mahazo vokatra kazaha

## Ny atao

### Fotoam-pambolena

**Kazaha** : volena volana aogositra - septambra

**Stylosanthes na brachiaria**

Aorian'ny kazaha : desambra – febroary

Volena mandritra ny fiavana kazaha

Alohan'ny kazaha

febroary – martsa : raha tany tapoka

martsa – aprily : aorian'ny fiotazana raha tany nisy voly fihinana

## Fetra sy fitandremana

Voaaloka ny brachiaria na ny stylosanthes ka miadana ny fitombony


Haingana ny fitombony ao anaty kazaha

Arovana amin'ny tondrak'omby mandram-pamboly ny kazaha


### Fatra isaky ny 1 ara

| Kazaha | Brachiaria | Stylosanthes |
|---|---|---|
| 200 taho, iray isan-davaka | Fafy katrana : 50 – 100 g<br>Latsa-boa : 30 – 50 g<br>Silak'ahitra : 400 isa | Fafy katrana : 40 – 60 g<br>Latsa-boa : 20 – 30 g |
| | Raha amin'ny tany mihanika tsy mety ny fafy katrana (lasan'ny riaka ny voa) | |

Elanelan'ny kazaha (⬬) sy ny brachiaria (●)




Elanelan'ny kazaha (⬬) sy ny stylosanthes (●)




| Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sept. | Okt. | Nov. | Des. | Jan. | Feb. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Volena alohan'ny brachiaria na stylosanthes ny kazaha | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | Mamboly kazaha | | | | Mamboly brachiaria na stylosanthes | | |
| Volena alohan'ny kazaha ny brachiaria na stylosanthes | | | | | | | | | | | | |
| Mamboly brachiaria na stylosanthes | | | | | | Mamboly kazaha | | | | | | |

## 2 Volena ao anaty rakotra Brachiaria na Stylosanthes ny kazaha

**Tanjona :** Mamokatra kazaha amin'ny tany nohatsaraina tamin'ny brachiaria na stylosanthes

### Ny atao

#### Fifehezana ny rakotra

Fafarana ny stylosantes ny volana jona - jolay

Sorohana ny brachiaria ny volana martsa – aprily

tohizana isaky ny misy tsiry mipoitra mandram-pamboly ny kazaha

#### Fambolena kazaha

Volena : aogositra - septambra

Mila 200 taho / 1 ara, iray isan-davaka

Elanelam-boly : 1 m x 0,5 m

### Fetra sy fitandremana

Tany tapoka brachiaria na stylosanthes roa taona no ampiasaina

Tsy handefasana omby na hanalana ny rakotra, mirongatra ny ahidratsy amin'ny rakotra manify

Tandremana tsy ho may ny rakotra maina

Tokony hifitsaka tsara ny rakotra vao mamboly kazaha

Fehezina ny tsirin'ny brachiaria tsy hanelingelina ny kazaha

Maniry ny voa na stylosanthes raraka tao an-tanimboly

### Diary

| Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | Sept. | Okt. | Nov. |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Rakotra stylosanthes | | | | | | | | | | | |
| Rakotra stylosanthes | | | | | | Mifafatra stylosanthes | | Mamboly kazaha | | | |
| Rakotra brachiaria | | | | | | | | | | | |
| Rakotra brachiaria | | | Misoroka ny brachiaria | | | | | Mamboly kazaha | | | |

**Fisafidianana ny voly ampiasaina**

**Kazaha**

Ratsan'akoho, Manajabagna ,... sy ireo karazana mahatanty virose sy mamokatra

**Rakotra**

*Stylosanthes guianensis* cv CIAT 184

*Brachiaria humidicola*

*Brachiaria ruziziensis*

*Brachiaria brizantha*

